



## Fitaovana tsotra enti-manombana ny fahantrana Madagasikara

Mark Schreiner sy Jean Paul Sossou

18 april 2021

Voadika amin'ny teny Malagasy ao amin'ny [scorocs.com](http://scorocs.com) ity tahiri-kevitra ity miaraka amin'ny fitaovana fanangonana antotan-kevitra.

Ce document en Français et l'outil de collecte des données sont disponibles sur [scorocs.com](http://scorocs.com)

This document and a data-collection tool are in English at [scorocs.com](http://scorocs.com)

### Fe-kevitra

Ny fitaovan'ny Scorocs enti-manombana ny fahantrana (*Scorocs® Simple Poverty Scorecard®-brand poverty-assessment tool*) dia fitaovana tsy mandany vola sy mangarahara ampiasain'ireo fikambanana miady amin'ny fahantrana hamantarany sy hanatsarany ny fandraisan'izy ireo anjara eo anivon'ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ny famantarany bebe kokoa ireo mpandray anjara. Tsy mandany mihoatra ny 10 minitra ny fametrahana ireo fanotaniana 11 ary ny valiny dia azo ampiasaina hamantarana ny tahan'ny fahantrana (hita amin'ny alalan'ny fandaniana), hanaraha-maso ny fihovana ary hisokajiana ny mpandray anjara ahafahana manolotra ny fikarakarana mifanaraka amin'ny sokajy misy azy.

### Fanamarihana mikasika ity laharana ity

Ity fanotaniana fanombanana vaovao ho an'i Madagasikara ity dia mifototra amin'ny antotan-kevitra tamin'ny taona 2013. Ity no ampiasaina manomboka izao ho solon'ny fanotaniana fanombanana ao amin'ny Schreiner (2015a) izay mifototra amin'ny antotan-kevitra tamin'ny taona 2010. Heverina hitovy amin'ny fahamarinan'ny fanotaniana fanombanana mahazatra ny fihovana tamin'ny fototra sy ny fanaraha-maso novinavinaina ary nentina ato amin'ity fanotaniana fanombanana vaovao ity. Ny fahasamihafan'ny antotan-kevira tamin'ny 2010 sy 2013 dia midika fa tsy tokony ho tombanana amin'ny fanotaniana fanombanana taloha ny fototra ary tsy tokony ho tombanana amin'ny fanotaniana fanombanana vaovao ny fanaraha-maso.

### Fankasitrahana

Ny soritr'asa *Private Sector Window of the Global Agriculture and Food-Security* sy ny *International Finance Corporation* no mamatsy vola ity fanadihadiana ity. Ny *Institut National de la Statistique de Madagascar* no nanome ny antotan-kevitra. Hisaorana manokanay i Nadia Belhaj Hassine Belghith, Yanni Chen, Theresa Osborne, Ida Clément Rajaonera, sy Iary Rakotonradany. I Benjamina Rabetafika ([octrans@outlook.com](mailto:octrans@outlook.com)) no namadika ny fanadihadiana ho amin'ny teny malagasy.

# Scorocs® Simple Poverty Scorecard® Tool

Fanadihadiana faha:		<u>Anarana</u>	<u>Famantarana</u>
Natao tamin'ny:	Mpandray anjara:		
Firenena:	MDG	Mpanao fanadihadiana:	
Fanotaniana fanombanana:	002	Sampan-draharaoha:	
Lanjan'ny fanadihadiana:		Isan'ny olona ao amin'ny tokantrano:	
Fanotaniana	Valiny	Isa	
1. Aiza ny faritra misy ilay tokantrano?	A. Vakinankaratra B. Androy C. Analanjirofo, Melaky, Sava, na Sofia D. Analamanga, Anosy, Atsiom-Andrefana, Atsimo-Atsinanana, na Atsinanana E. Alaotra-Mangoro, Amoron'i Mania, Betsiboka, Itasy, na Menabe F. Bongolava, Ihorombe, Matsiatra Ambony, na Vatovavy Fitovinany G. Boeny, na Diana	0 4 5 9 11 14 16	
2. Miisa firy ny olona ao amin'io tokantrano io?	A. Valo na mihoatra B. Fito C. Enima D. Dimy E. Efatra F. Telo G. Roa H. Iray	0 5 7 11 14 20 27 34	
3. Misy manana fahasembanana ve ao amin'ilay tokantrano?	A. Eny B. Tsia	0 4	
4. Mahay mamaky teny sy manoratra kely ve ny lehilahy lohan'ny ankohonana (na ny lehilahy vadin'ny vehivavy mitondra ilay tokantrano)?	A. Tsy misy lehilahy lohan'ny ankohonana (na lehilahy vadin'ny vehivavy mitondra ny tokantrano) B. Tsia C. Eny	0 1 4	
5. Inona ny akora fototra nanaovana ny tafo?	A. Bozaka na tsy misy tafo B. Mololo, ravina, sampakazo, volotara, bararata, hazo fisaka, na baoritra C. Tafo vy, taila, simenitra, hazo, na tafo fanitso/fibra, taila vita amin'ny simenitra	0 3 6	
6. Inona ny akora fototra handraoan'ny tokantrano?	A. Kitay, mololo, sampakazo, bozaka, kirihitra, tain'omby, tsy mahandro, na tsy mihatra amin'ilay tokatrano B. Saribao, arina, herinaratra, gazy, gazy natoraly, biogazy, kerozena, na zavatra hafa	0 3	
7. Inona ny karazana lavapiringa ampiasana ao amin'ilay tokantrano?	A. Tsy mampiasa lavapiringa (any anaty ala) B. Lavapiringa lavaka tsotra C. Lavapiringa mampiasa fantsona (misy na tsy misy rano), lavapiringa misy fanangonana ny maloto, lavapiringa mivarina an-drano, lavapiringa mampiasa rano, lavapiringa mampiasa barika, na hafa	0 2 4	
8. Misy vata fahita lavitra ve ao amin'ilay tokantrano?	A. Tsia B. Eny	0 8	
9. Firy ny isan'ny latabatра ao amin'ilay tokantrano?	A. Tsy misy B. Iray C. Roa na mihoatra	0 2 4	
10. Firy ny isan'ny farafara ao amin'ilay tokantrano?	A. Tsy misy B. Iray C. Roa D. Telo na mihoatra	0 4 5 9	
11. Tao anatin'ny 7 andro, imiry ny isan'ny andro nihinan'ilay tokantrano hena, trondro na atody?	A. Tsy nihinana B. Indray C. Indroa D. Intelo na mihoatra	0 2 5 8	

## Toro-lalana ho an'ny mpanao fanadihadiana: Momba ny olona ao an-tokatrano sy ny fahasembanany

Izay tokony ho fenoina eo amin'ny andohapejin'ny fanotaniana fanombanana fenoina voalohany. Soraty ny laharana famatarana manokana ilay fanadihadiana (raha fantatra), ny daty nanaovana ilay fanadihadiana, ary ny lanjan'ny fanadihadian'ilay mpandray anjara (raha fantatra). Avy eo dia soraty ny anarana feno sy ny laharana famantarana manokan'ilay mpandray anjara (izay mety tsy hitovy amin'ilay mpamaly fanotaniana), ny an'ilay mpanao fanadihadiana (izay mety tsy hitovy amin'ny anao, mametraka fanotaniana), ary ny an'ilay sampan-drahahaha ampiasaina (raha fantatra). Farito ny valin'ny fanotaniana voalohany ao amin'ilay fanotaniana fanombanana izay mifanaraka amin'ny faritra misy ilay tokantrano.

Vakio amin'ny mpamaly fanotaniana avy eo hoe: *mba lazao ahy azafady ny anarana (na anarana fiantsoana) ireo olona rehetra ao amin'ny tokantranonao. Atomboy amin'ny lohan'ny ankohonana sy ny vadiny (zokiny indrindra) (raha misy). Olona iray na maromaro miara-mipetra, tarihin'ny olona iray iarahan'ny rehetra manaiky ho lohan'ny ankohonana, no atao hoe tokantrano—na misy rà iraisana na tsia—na mpivady na tsia (olona miara-miasakafo atoandro ary miray trano amin'ny ankapobeny).*

Soraty ny anarana na anarana fiantsona ny tsirairay ao amin'ny tokantrano. Mariho ny anaran'ny lehilahy lohan'ny ankohonana (na ny anaran'ny lehilahy vadin'ny vehivavy lohan'ny ankohonana (raha misy). Isaky ny olona ao amin'ny tokantrano, anotanio hoe « Manana fahasembanana ve i [ANARANA]? », ary raiso an-tsoratra ny valiny.

Soraty eo amin'ny « Isan'ny olona ao an-tokatrano » eo amin'ny andohapejin'ny fanotaniana fanombanana ny isan'ny olona ao amin'ilay tokantrano. Farito ny isa mifanaraka amin'ny isan'ny olona ao amin'ilay tokantrano eo amin'ny fanotaniana fanombanana faharoa. Avy eo dia farito araka ny valiny voaray ny fanotaniana fahatelo mikasika ny fahasembanana ao amin'ilay tokantrano.

Tsarovy ary ampiharo mandrakariva ny toro-lalana ao amin'ny « Tari-dalana ho amin'ny fanadihadiana ».

Anarana na anarana fiantsoana	Lohan'ny ankohonana na vadin'ny vehivavy lohan'ny ankohonana?	Manana fahasembanana ve i [ANARANA]?	
1.	Lohoan'ny tokantrano (lahy) Lohan'ny ankohonana (vavy)	Tsia	Eny
2.	Lehilahy vadin'ny vehivavy lohan'ny ankohonana Vehivavy (zokiny indrindra) vadin'ny lehilahy lohan'ny ankohonana Hafa	Tsia	Eny
3.	Hafa	Tsia	Eny
4.	Hafa	Tsia	Eny
5.	Hafa	Tsia	Eny
6.	Hafa	Tsia	Eny
7.	Hafa	Tsia	Eny
8.	Hafa	Tsia	Eny
9.	Hafa	Tsia	Eny
10.	Hafa	Tsia	Eny
11.	Hafa	Tsia	Eny
12.	Hafa	Tsia	Eny
13.	Hafa	Tsia	Eny
14.	Hafa	Tsia	Eny
Isan'ny olona ao an-tokatrano	—	Misy manana fahasembanana ve? Tsia/Eny	